# 6 NY HEVITRA ARA-DRAFITRA LAZAINA ATAO (HAD L ATAO)

## TANJONA

Manavaka ny fehezanteny manana HAD atao.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ny antsoina hoe Hevitra Ara-Drafitry na HAD dia ny hevitra mifanaraka amin'ny endriky ny EM matoanteny ambaran'ny L ao amin'ny fehezanteny iray.

Toy izao ny fomba fitadiavana azy :

- jerena ny FKI: mivany roa;
- rasaina ny EM: EM matoanteny aman-tovona a-;
- ny EM dia mamaly ny fanontaniana miaraka amin'ny L atao ahoana.

Noho izany, ny fehezanteny mitodika amin'ny ATAO dia izay hita amin'ireo fehezanteny manana FKI mivany roa, ny endriky ny EM dia matoanteny aman-tovona a-, sady ao anatin'io HAD ATAO io dia manambara ny ATAO amin'ny L ny EM.

**Sahanasa 1**

Omeo ny HAD ny fehezanteny mitodika amin'ny L atao amin'ny fanarahana ireo dingana arahina.

F1 : Aravona mialoha ny hanetsana ny tanimbary.

F2 : Ahofa tsara ny vary be apombo.

F3 : Ankalazaina fatratra ny fetim-pirenena malagasy.

F4 : Ahosotra amin'ny tanana ny savony.

**Sahanasa 2**

Mamadika ny FKI mivany roa ho lasa mivany telo.

Atoko ny fatana.

Atatao ny entana.

Atsangana ny sainam-pirenena.

Arafitra ny rindrina.

Araraka ny vatokely.

**Sahanasa 3**

Mamadika ny L teo aloha ho lasa RF ary mamadika ny FKI mivany roa ho lasa mivany telo.

Manoko (EM) anana (RF) vao maraina Rasoa (L).

Manantona (EM) ny henan'omby (RF) ho tazan'ny mpividy ny mpivaro-kena (L).

Mangorona (EM) entana (RF) alohaloha ny mpivaro-damba (L) sao latsaka ny orana.

Mamatotra (EM) zanak'omby (RF) hamidy Ralay (L).

Manolotra (EM) vola (RF) ny mpivarotra i Dada (L).